Tatitra EITI Madagasikara 2018 – Famintinana

Teny fanolorana

Ny Hetsika ho an'ny Mangarahara eo amin'ny sehatry ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany (EITI Madagascar) dia fenitra iraisam-pirenena mivohy ny mangarahara sy ny fahaiza-mitantana eo anivon'ireo firenena manan-karena voajanahary toy i Madagasikara. Izany dia hatao amin'ny alalan'ny fanamarinana sy ny famoahana tanteraka ho fanta-bahoaka ny vola naloan'ny orinasa sy ny vola noraisin'ny fanjakana avy amin'ny fitrandrahana solitany, entona voajanahary ary vato, vatosoa sy metaly ambanin'ny tany. Ankoatra ny fampitahana ireo karazam-bola ireo, dia manome topimaso ny mombamomba ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany ny Tatitra EITI, ka izany dia hataony amin'ny fomba mangarahara, tsy hita eny amin'ny sehatra hafa. Miaraka amin'ity Tatitra EITI 2018 ity, izay nampanaovin'ny Komitim-pirenenan'ny EITI Madagasikara an'ilay Mpitantandraharaha Mahaleotena Ernst & Young, dia taom-piasana 12 isa no voasahana sy voarakitra an-tsoratra anatin'ireo tatitra EITI.

Ny fomba fiasan'ny Mpitantandraharaha Mahaleotena

Raha ny fenitra EITI no jerena, dia mifantoka amin'ny fikorianam-bola manan-danja ny fampitahana ny vola narotsaky ny orinasa mpitrandraka sy ny vola noraisin'ny fanjakana. Noho izany dia nisy fandinihina ny fananan-danja izay nahafahan'ny Komitim-pirenenan'ny EITI Madagasikara namantatra ireo orinasa 17 eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany nandoa fikorianam-bola manan-danja. Ireo orinasa ireo no 100%n'ny orinasa rehetra nandoa vola mihoatra ny Dimy Arivo sy Roa Alina sy Iray Hetsy Dolara Amerikana (125 000 USD) tany amin'ireo mpandray volam-panjakana lehibe 6 (ny biraon'ny hetra, ny biraon'ny fadin-tseranana, ny CNAPS, ny biraon'ny harena an-kibon'ny tany, ny biraon'ny kadasitra momba ny harena an-kibon'ny tany ary ny OMNIS). Ireto izany orinasa izany :

Orinasa nandoa fikorianam-bola manan-danja tamin'ny taona 2018	
1	DYNATEC MADAGASCAR S.A
2	HOLCIM Madagascar S.A.
3	QIT MADAGASCAR MINERALS S.A.
4	AMBATOVY MINERALS S.A.
5	ETABLISSEMENT GALLOIS
6	BP EXPLORATION(MADAGASCAR) LIMITED
7	KRAOMA S.A.
8	GRAPH MADA
9	MADAGASCAR MINERALS FIELDS S.A.
10	MADAGASCAR Oil SA
11	LABRADOR MADAGASCAR
12	MAINLAND MINING
13	TANTALUM RARE EARTH
14	TOLIARA SANDS/BASE SARL
15	RED GRANITI MADAGASCAR
16	MASINA INDUSTRY GROUP MDG
17	MADAGASCAR CONSOLIDATED MINING

Tsara ho marihina fa ny orinasa Madagascar Mineral Fields SA dia tsy nandray anjara tamin'ny asa fampitahana, na nisy aza ny fiantsoana maro natao.

Tao aorian'ny Fandinihana ny fananan-danja, ny Mpitantan-draharaha Mahaleotena dia :

- Nanangona ny antonan'isa avy amin'ny orinasa sy avy amin'ny biraom-panjakana mpandray vola tamin'ny alalan'ny lasitra fanambaràna ny vola narotsaka sy voaray
- Namoaka ny elanelana teo amin'ny vola narotsaka sy voaray, ary nitady ny anton'ny elanelana.

- Nanangona ny mombamomba ny tontolon'ny harena an-kibon'ny tany teny amin'ny orinasa sy ny biraom-panjakana.

Topimaso momba ny fitadiavana ny fitrandrahana ary ny fanondranana

Ny tatitra EITI 2018 dia maneho sarin-tany momba ny otrika eto Madagasikara, na amin'ny resaka solitany na amin'ny resaka vato sy metaly, ary koa manolotra fafana milaza ny harena sy tahiry ambanin'ny tany.

Misy koa sarin-tany maneho ny fandrakofan'ny fahazoana alalalana amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany an'i Madagasikara, na fahazoana alalana mikaroka, na mitrandraka na ho an'ny mpitrandraka madinika izany. Ireny sarin-tany ireny dia manamafy fa ny fahazoana alalana mikaroka no betsaka indrindra eto Madagasikara.

Voalaza ao anatin'ny tatitra ny mombamomba lreo tetikasa lehibe eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, ka tafiditra anatin'izany ny karazana akora karohina na trandrahana sy ny habetsahan'ny akora voatrandraka sy voaondrana tamin'ny taona 2018, miaraka amin'ny firenena nanondranana izany, ho an'ireo orinasa miisa 9 efa manao fitrandrahana.

Ny antontan'isa avy amin'ny Agence Nationale de l'Or (ANOR) dia ahafahana mandrefy ny lanjan'ny fitrandrahana volamena amin'ny alalan'ny fanasivanana (« orpaillage ») eto Madagasikara, ka 3450 ny isan'ny karatry ny mpanasivana volamena tamin'ny taona 2018 raha 50 744 teo anelanelan'ny taona 2016 sy 2018. Ny toeram-pivarotana nahazo alalana sy niasa kosa (« comptoirs ») tamin'ny taona 2018 dia miisa 31, ka manambara ny ANOR fa 3051,70 kg ny naondrana tamin'iny taona iny.

Eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana solitany dia 18 no isan'ny zaram-paritra fikarohan-tsolika (« blocs pétroliers ») itoeran'ny orinasa 14. Tsy mbola misy mpanondrana amin'ireo. I Madagascar Oil kosa dia efa nahatrandraka 160 000 barikan-tsolitany antsoina hoe « menaka mavesatra », fa naatony ny asany nanomboka tamin'ny volana Martsa 2016 hatramin'izao, noho ny tsy fisian'ny lalam-barotra eto amin'ny tsena anatiny.

Ny fandraisan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany anjara eo amin'ny toekarena

Ny fandraisan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany anjara amin'ny harikarena faobe (« PIB ») dia teo anelanelan'ny 4% sy 5% hatrany nandritra ny 5 taona ary nahatratra 4,41% tamin'ny taona 2018. Ny orinasa mpitrandraka kosa dia nandray anjara teo amin'ny 4,62%n'ny hetra niditra tamin'ny fanjakana tamin'ny taona 2018, ka 230 lavitrisa Ariary ny vola naloa. Eo amin'ny fanondranana kosa dia ny « nickel » aondran'Ambatovy no vokatra voalohany naondran'i Madagasikara tamin'ny taona 2018 ka mihoatra ny 1400 lavitrisa Ariary ny vidin'izany, ary ny lanjan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany kosa eo amin'ny fanondranana dia 27,6% taminn'y taona 2018 raha 40,43M tamin'ny taona 2014. Ny lanjan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany eo amin'ny fananan'asa kosa dia 1,82% tamin'ny 2018.

Ny rafi-dalàna sy rafitra ara-ketra

Ny didy aman-dalàna rehetra mifehy ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany dia voatanisa ao amin'ny tatitra avokoa, ka ao anatin'izany ny « Code Minier », ny « Code Pétrolier » sy ireo didim-panjakana fampiharana. Ankoatra izany, ny lalàna mifehy ny tontolo iainana, ny rano, ny asa ary ny rohy mankany amin'ny lalàna mifeny ny momba ny tany dia voatanisa anaty tatitra koa. Raha ny momba ny hetra kosa, ny tatitra dia manazava ny hetra mihatra amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny sata manokana mihatra amin'ny QMM noho ny Fifanaraham-pipetrahana (« Convention d'établissement ») sy amin'Ambatovy, noho ny Lalàna mifehy ny fampiasam-bola goavana eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany (« LGIM »). Atolotra anaty tatitra koa ny fandaminana eo anivon'ny Ministera misahana ny Harena an-kibon'ny tany sy ny loharano stratejika.

Ny fanomezan-dàlana

Ny tatitra dia manokana ampahany lehibe momba ny fanomezan-dàlana eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solitany. Eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany dia nanamarika ny fe-potoana ny fihatoana ny famoahana ny fanomezan-dàlana nanomboka tamin'ny enim-bolana faharoan'ny taona 2010. Ny tatitra dia mitanisa ny lalàna samihafa hahafahana mahazo ny zava-nitranga nandritra io fe-potoana io. Tamin'ny taona 2018 ohatra dia fahazoan-dàlana 8 no nomena. Eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana solitany kosa, dia voazava anaty tatitra ny fombafomba fanaovana ny antso tolo-bidy sy ny fiadiam-barotra mivantana. Ny antso tolobidy nataon'ny OMNIS tamin'ny Novambra 2018 dia najanona tamin'ny taona 2019. Orinasa roa kosa anefa no nanaovan'ny Filohan'ny Repoblika sonia didim-panjakana fanomezan-dàlana tao aorian'ny fiadiam-barotra mivantana tamin'ny 2017 sy 2018 (orinasa CB World Trade Natural Energy sy British Petroleum).

Ny boky firaketana ny fanomezan-dàlana

Ny tatitra dia manazava momba ny fitanana an-tsoratra ny boky firaketana ny tompom-pahazoan-dàlana tanan'ny BCMM ary manome ny rohy ahafahana mijery izany amin'ny aterineto. Manamarika koa ny tatitra fa ny OMNIS dia eo an-dàlam-pametrahana rejistra toy izany koa ho an'ny orinasa mpitrandraka solitany nahazo alalana.

Ny famoahana ny fifanarahana ho fanta-bahoaka

Eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany, ny fifanarahana hany tokona misy sy mihatra – ny an'i QMM – dia hita eo amin'ny aterineto. Eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana solitany kosa, dia ny lasitry ny fifanarahana, tsy misy ny famenon'ny fifanarahana, no hita eo amin'ny tranonkalan'ny OMNIS. Ny tatitra dia manambara fa tsy feno ny fangatahan'ny fenitra EITI noho ny governemantan'i Madagasikara tsy nanapa-kevitra paikady politika mazava momba ny famoahana ny fifanarahana miaraka amin'ny mpitrandraka solitany ho fanta-bahoaka.

Tena fitompoana

Ny tatitra dia azo lazaina fa tatitra andrana raha ny lafin'ny famoahana ho fanta-bahoaka ny tena fitompoana no resahana. Ny tatitra mantsy dia sady mamoaka ny anaran'ireo tompon'orinasa ara-dalàna, no mamoaka koa ny lisitr'ireo tena tompony, izany hoe ny olombelona manana ny fahefana fara-tampony amin'ny orinasa. Orinasa 4 no namoaka olombelona 6 voalaza fa tena tompony. Orinasa 9 no nanambara fa manana orinasa reny misoratra any amin'ny tsenam-pifanakalozan-tsanda any ivelany: ho an'ny sasany amin'izy ireny dia afaka natao ny namoaka ny anaran'ireo nanao petrabola lehibe indrindra tao amin'ny orinasa reny. Tsara ho marihina fa ny Komitim-pirenenan'ny EITI dia eo am-pamolavolana didim-panjakana mba ho tsy maintsy avoaka ho fanta-bahoaka ny anaran'ny tena tompon'orinasa eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany sy ny solitany.

Ny fandraisan'ny fanjakana anjara

KRAOMA no orinasa tokana eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany izay hananan'ny fanjakana malagasy anjara mihoatra ny 50%. Tao aorian'ny olana ara-bola izay nahitana trosa amandavitrisa Ariary teo anivon'ny KRAOMA, dia nampiasain'ny KRAOMA ny fanomezan-dàlany 3 nataony « amodiation » (izany hoe nampanofainy ho amin'ny fotoana voafetra) ho an'ny orinasa KRAOMA MINING, izay hananan'ny KRAOMA fandraisana anjara 30%, raha 70% ny an'i FERRUM MINING. Tamin'ny 31 Desambra 2018 dia nahatratra 39 lavitrisa Ariary ny trosan'ny KRAOMA. Ny fitiliana

ara-pitantanana (« audit de gestion ») nangatahan'ny Tale Jeneraly vaovao tamin'ny taona 2019 dia nahafahana namoaka fa nisy varotra fatiantoka nataon'ny mpitantana nandritry ny taona maromaro teo aloha, ka isan'ny mety manazava ny trosa ben'ny orinasa izany. Etsy an-danin'izany dia manazava ny momba ny fandaniam-bola tsy tena hetra (« dépenses quasi-fiscales ») ny tatitra, izany hoe ny fandaniam-bola nataon'ny orinasam-panjakana tsy voafaritra anaty tetibolam-panjakana. Izany dia mahakasika manokana ny OMNIS, izay nandoa vola ho fanamboarana ny lalana miala eo amin'ny Boulevard de l'Europe hatreo amin'ny Aéroport d'Ivato, ary vola hafa fiantohana olona tsy miasa ao aminy.

Famoahana ny fikoriam-bola sy fampitahana

Ho an'ireo orinasa 16 anaty tatitra dia mahatratra 202,6 lavitrisa Ariary ny fikoriam-bola manan-danja. Ireo fikoriam-bola amin'ny ankapobeny dia mahakasika ny tamberim-bidy (33%), IRSA (21%) ary ny TVA amin'ny fampidirana entana sy amin'ny solika (9%). Ireo orinasa manana fandraisana anjara lehibe indrindra dia ireo orinasa roa mikambana ao amin'Ambatovy (AMSA sy DMSA), arahin'i HOLCIM, izay mihoatra ny 80% ny lanjan'izy ireo eo amin'ny fitambaran'ny fikoriam-bola. Ny elanelana tafajanona farany tamin'ny fampitahana teo anivon'ny vola naloan'ireo orinasa 16 sy ny vola noraisin'ny fanjakana tamin'ny taona 2018 dia 1,36%n'ny fitambaran'ny fikoriam-bola. Izany elanelana tafajanona izany, izay mahatratra 2,7 lavitrisa Ariary, dia avy amin'ireto ireto amin'ny ankapobeny: ny lasitr'ilay orinasa tsy nandray anjara, ny haba fidirana eo amin'ny serananana sy ny fampiasana fotodrafitrasa, ary ny TVA amin'ny fampidirana entana sy amin'ny solika.

Vola miditra avy amin'ny anjara vokatry ny fanjakana sy fidiram-bola avy amin'ny zavatra noraisina (revenus en nature)

Tamin'ny taona 2018, ny fanjakana malagasy dia tsy nampiditra vola avy amin'ny famarotana ny anjara vokany eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana solitany, ary tsy nandray zavatra (**revenus en nature)** avy amin'io sehatra io.

Fanomezana foto-drafitrasa sy fifanarahan-takalo

Tsy nisy fifanarahana fanomezana fotodrafitrasa na fifanarahan-takalo ahazoana fanomezan-dàlana natao tamin'ny taona 2018.

Vola miditra avy amin'ny fitaterana

Ny tatitra dia manome ny lisitry ny orinasam-pitaterana fampiasan'ny orinasa mpitrandraka harena an-kibon'ny tany. Tsy misy orinasam-panjakana anefa amin'ireo. Tsy mampidi-bola amin'ny alalan'ny fitaterana vokatry ny harena ankibon'ny tany na solitany izany ny fanjakana malagasy. Mandray vola avy amin'ny habam-pitaterana an-dranomasina anefa ny fanjakana, amin'ny alalan'ny SPAT, ny SMMC ary ny MICTSL. Ireo fikoriam-bola ireo dia manan-danja, ka nanaovana fampitahana.

Vola aloa amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ny vola aloa amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia enti-milaza ny fandoavam-bola natao mivantana eny anivon'ireny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ireny (Faritany mizakatena, Faritra, Kaominina). Izany dia mahakasika ny hetram-bondrom-bahoaka, ka ny manan-danja amin'izany dia ny hetra alaina amin'ny tany (IFT), ny hetra amin'ny trano miorina (IFPB) ary ny tamberimbidy izay aloa eny amin'ny Kaominina ho an'ny tompom-pahazoan-dàlana PRE

(mpitrandraka madinika). Ny tamberimbidy dia fikoriam-bola manan-danja, ka nanaovana fampitahana.

Famidram-bola amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana

Ny Famidram-bola amin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana dia mahakasika ny vola raisin'ny fanjakana foibe ka afindrany mankany amin'ny ratsam-panjakana hafa sy ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana. Ny tatitra dia manome ny fomba fizarana sy ny vola tena noraisina ho an'ny saram-pitantanana ny harena ankibon'ny tany ("frais d'administration manière"), ny haba amin'ny harena ankibon'ny tany ary ny ny tamberimbidin'ny harena ankibon'ny tany. Ny tatitra 2018 dia manome fanazavana momba ny tamberimbidy naloan'Ambatovy tamin'ny taona 2018 sy 2019, izay mahatratra 61 481 250 243 Ariary ho an'ny fe-taona enim-bolana faharoa 2012 hatramin'ny enim-bolana voalohany 2018, ary 7 757 265 819 Ariary ho an'ny enim-bolana faharoa 2018. Ny fitsinjarana mankany amin'ny kaominina sy ny faritra dia voavahavaha anaty tatitra.

Kalitaon'ny tondromarika sy fanamarinana

Ny tatitra dia milaza raha nanaovana fanamarinana ara-bola (« audit financier ») mahaleo-tena sy azo inoana, manaraka ny fenitra iraisam-pirenena ny vola naloa sy vola noraisina. Ireo orinasa tokony hanana Mpanamarim-bola (« Commissaire aux comptes ») dia nangatahana porofom-pitiliana ara-bola. Ireo orinasa tsy manana izany dia nojeren'ny Mpitantadraharaha Mahaleotena ny piesy fanamarinam-bola. Ho an'ny mpandray vola eo anivon'ny fanjakana kosa dia sambany niditra an-tsehatra ny Sampam-pitsarana momba ny Kaonty ho an'ny tatitra 2017 sy 2018. Nohamarininy ny kaontin'ny Biraon'ny Hetra, ny Biraon'ny Fadin-tseranana ary ny Biraon'ny Harena ankibon'ny tany. Ny mpandray vola hafa eo anivon'ny fanjakana (BCMM, OMNIS, ANOR) kosa dia nangatahana porofom-panamarinana ara-bola.

Fitsinjaran'ny vola avy amin'ny orinasa mpitrandraka sy fitantanana ny vola miditra sy mivoaka

Misy lalany roa ny vola miditra avy amin'ny harena an-kibon'ny tany amin'ny ankapobeny. Etsy andaniny ny hetram-panjakana, arotsaka eo amin'ny kitapom-bolam-panjakana araky ny fehin-kevitry ny maha-iray ny kitampom-bolam-panjakana, izay mamatsy ny tetibolam-panjakana amin'ny alalan'ny lalàna mifehy ny tetibolam-panjakana. Etsy ankilany, ny anjara tamberimbidy sy saram-pintantanana ny harena ankibon'ny tanyeo anivon'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana sy biraom-panjakana mahaleotena hafa, tafiditra ao anatin'ny tetibolan'ireo. Ho an'ny taona 2018 dia mbola andrasana ny tatitra ara-bolan'ny BCMM sy ny ANOR. Ny kaonty ara-panjakanan'ny kaominina roa dia atolotra anatin'ny tatitra, miaraka amin'ny nampiasana ny vola. Ho an'ny kaominina Fanandrana, ny fampiasam-bola dia fanamboarana/fanarenana tranom-panjakana, ary ho an'ny kaominina Amboditandroho kosa, tranom-panjakana, sekoly, biraom-pahasalamana sns. Manaraka izany, ny antontanisa voaray tany amin'ny kaominina sy ny faritra dia ahafahana manolotra ny fitambaran'ny vola noraisin'ny vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana, sy ireo karazam-pikoriam-bola mamaritra ny vola miditra eo anivon'izy ireo.

Fandaniana ara-tsosialy

Ny fandaniana ara-tsosialy, dia faritan'ny Fenitra EITI ho fandaniam-bola teren'ny lalàna na fifanarahana amin'ny fanjakana hatao. Atolotra anatin'ny tatitra izy ireo ho an'ireo orinasa 4 nilaza nanao izany tamin'ny taona 2018. Ny fitambaran'ny fandaniana ara-tsosialy nataon'ireo, na fanomezan-javatra na ara-bola, dia nahatratra 7,6 lavitrisa Ariary tamin'ny 2018. Ny fanomezana (« dons ») nomen'ny orinasa mpitrandraka kosa, izany hoe fanomezana natao tsy an-katerena, dia

mahakasika orinasa 7 ka ny fitambaran'izany dia mahatratra 1,1 lavitrisa Ariary. Ny tatitra dia manome ny pitsopitson'ny fanomezana sy ny fandaniana ara-tsosialy.

Ny momba ny tontolo iainana, ny vehivavy sy ny mpitrandraka madinika

Ny tatitra 2017 sy 2018 dia mampiditra ny miresaka momba ny tontolo iainana, ny vehivavy ary ny mpitrandraka madinika, noho ny fangatahan'ny Komitim-pirenena.

Eo amin'ny lafin'ny tontolo iainana dia hazavain'ny tatitra ny maha-samihafa ny Fandalinana momba ny vokatra eo amin'ny tontolo iainana (« Etude d'impact environnemental », ho an'ny fitrandrahana mampiasa milina, na goavana, manana fanomezan-dàlana PE) sy ny Programam-pandraiketana eo anivon'ny tontolo iainana (« Programme d'Engagement Environnemental », ho an'ny tetikasa madinika na antonony, manana fanomezan-dàlana PR na PRE). Ny fomba fanaovana fitiliana sy fanarahana eo am-panombohana sy mandritry ny tetikasa dia voazava anaty tatitra; toy izany koa ny fahazoana fahafaham-po ara-tontolo iainana rehefa mifarana ny tetikasa. Ny tatitra dia manome ny lisitry ny fahazoan-dàlana ara-tontolo iainana an'ny orinasa voakasiky ny tatitra ary. Milaza koa ny tatitra fa ny famoahana an-tranonkala ny EIE dia voafetra: i Ambatovy, izay mamoaka famintinana amin'ny teny anglisy, sy QMMirery ihany, izay mamoaka ny Rafitra momba ny Fitantanana Ara-tontolo iainana sy Ara-tsosialy no mampahafantatra izany. Ny tatitra dia manome koa ny lisitry ny fandaniam-bola ara-tontolo iainana nataon'ny orinasa voakasik'izany.

Ny fampiasana ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany dia voafetra: ny taham-pampiasana vehivavy eo amin'ireo orinasa 16 ao amin'ny tatitra dia 12%. 194 no isan'ny vehivavy manao asa mitantana, raha 781 ny isan'ny lehilahy. 385 ny isan'ny vehivavy manao asa manatanteraka, raha 2686 ny lehilahy. Ny tatitra dia milaza momba ny karazana hetsika nataon'ny orinasa na ny firaisamonim-pirenena ho an'ny vehivavy eo amin'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany.

Tafiditra eo amin'ny sehatry ny fitrandrahana madinika ny mpitrandraka madinika sy ny fanasivanana volamena. Ny tatitra, izay mifototra amin'ny Paikady ho fampandrosoana maharitra ny fitrandrahana madinika, izay nekena tamin'ny fomba handraisan'ny be sy ny maro anjara tamin'ny volana desambra 2018, dia manazava ny tantarafohin'ny fitrandrahana madinika, sy tombatomban'isa (eo amin'ny 1 tapitrisa eo ny isan'ny mpitrandraka madinika, ary ny 85%n'ireo dia mahantra, miaina amin'ny latsaky ny 2 $ isan'andro) ary manome vina sy tanjona ho an'io sehatra io.

Soso-kevitra

Ny soso-kevitra nataon'ny teo aloha, nefa voatazona dia ireto:

- Ny mba ahafahan'ny kaominina mahafantatra ny fiavin'ny saram-pitantanana sy ny tamberimbidy raisiny, ary ny ahazoany fiofanana momba ny tetibola iaraha-mitantana: soso-kevitra ho an'ny BCMM sy ny Tahirim-bolam-panjakana
- Ampidirina ny mombamomba ny mpanomana ny antontan-taratasy sy ny mpandray tombotsoa ao amin'ny antontan-kevitry ny biraon'ny fadin-tseranana: ahafahana mampidina ny elanelana hita teo amin'ny fampitahana ny TVA aminn'y fanafarana entana sy solika
- Vahana ny olana momba ny fahazoan-dàlana miantona eo anivon'ny BCMM mba hahafantarana izay tena mitranga ao sy hanamorana ny famaritana ny orinasa ampidirina anaty tatitra
- Mampanao fandalinana statistika voakaly momba ny fandraisan'ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany anjara amin'ny harin-karena, indrindra amin'ny resaka famokarana: soso-kevitra ho an'ny INSTAT sy ny Ministeran'ny Harena Ankibon'ny Tany

Ny tanjon'ireo sosokevitra vaovao dia:

- Ny mampaharitra ny loharanom-bola sy ny fiasan'ny Biraon'ny Sekretera Mpanatanteraka hahafahana mampihena ny asan'ny Komitim-pirenenan'ny EITI Madagascar sy ny vidin'ny asa fanaovana ny fampitahana.
- Ny mampihatra ny famoahana antontan'isa tsy-ankaterena: tokony mamoaka antontan'isa ny orinasa sy ny biraom-panjakana mpandray vola na tsy eo aza ny Mpitantandraharaha Mahaleotena mampameno ny lasitra.